ALASORA [4]

# JIOLAHY TELO NITAM-BASY NANAFIKA, NOFATORANA IZY EFA-MIANAKA

MARINA IZANY ! [7]

## MBOLA HO MAFIMAFY !

PASITERA MAILHOL [7]

## MANAHY NY TSY HISIAN' NY FIFIDIANANA FILOHA



Gazetiko
www.gazetiko.mg

Laharana 7465 Taona faha-24 Vidiny: 500 Ariary Gazety mivoaka isan'andro Alatsinainy 09 janoary 2023

KITRA - CHAN 2022 [3]



## HOSEDRAINA FARANY AMIN'I NIGER NY BAREA ANIO

MARC RAVALOMANANA [7]

# AFAKA NANAO HETSIKA TSY NISY SAKANTSAKANA TANY ANTSIRANANA



RAHARAHA BASY SY BALA MIPARITAKA [7]


## NOSAMBORINA IHANY KOA ILAY NANOME NY VAOVAO AN'I MALAMA

KANETIBE - FEDERASIONA IRAISAM-PIRENENA [3]

# HIAKATRA "CODIS" I AMIR FILOHAN'NY FSBM

ORINASA AFAKA HABA ASA MANARAKA NY FENITRA [8]

## NAHAZO FAMATSIAM-BOLA 1 TAPITRISA "EURO"



Jonny R'Afa

# Nihaona tamin'ny mpankafy azy tetsy amin'ny "Le park" Itaosy

*Ankoatra ny hira sy mozika dia manam-pahaizana manokana momba ny hosodoko ihany koa i Jonny R'Afa.*

Fotoana iray manan-danja ho an'i Jonny Ramanankoavy, atao hoe koa Jonny R'Afa, ny asabotsy hariva teo. Tsy nampoiziny ny zavatra nitranga raha nandalo tao amin'ny « Le Park » etsy Bemasoandro Itaosy izy. Efa niandry azy tao an-toerana ireo mpankafy sy niara-nitendry taminy fahiny ka anisan' izany i Manjakasoa Rasolomahatratra avy ao amin'ny tarika Solomiral. Nandritra ity fotoana ity ihany koa no nampahafantarany ho an'ireo izay



Manjakasoa Rasolomahatratra sy Jonny R'Afa.

tsy mbola nahalala fa izy no namorona ny feo sy ny tonon' ilay hira hoe « Ravorombazaha » sy « Rabodonarivo », saingy nomeny nohirain'i Ingahy Be Tselonina tamin'ny fotoan'androny. Ity farany moa anisan' ny nantsoina mba hihaona amin'i Jonny R'Afa, saingy noho ny antony maro samihafa dia tsy tonga. Ankoatra izay dia nitondra ireo hirany vaovao izay havoakany rakikira atsy ho atsy ihany koa i Jonny R'Afa ka santionany tamin'izany ilay hirany hoe « Masoandro Maty » izay hitantarany ny fiainan'ny Malagasy anaty fahasahiranana sy ireo mpanefoefo. « Mibalika ihany ny masoandro saingy tsy mitondra hafanana sy hazavana ho an'ny sahirana ara-pivelomana» hoy i Jonny R'Afa. Marihina fa ankoatra ny hira sy mozika dia manam-pahaizana manokana momba ny hosodoko ihany koa i Jonny R'Afa. Ampolon-taonany no nipetrahany tany Frantsa vao niverina teto Madagasikara indray izy. Maro ny fampisehoana ireo sanganasany manerana ny faritra maro teto Madagasikara, izay niarahany tamin'ny «Alliance Française». Raha ny fanazavany dia hitodi-doha ho any Frantsa indray izy ato ho ato.

**Tiaray R**

Tsenan'ny boky

# Misy manao piraty ny Baiboly

Mbola mitana ny laharana voalohany amin'ny fanjifana boky aloha hatreto ny Baiboly sy ny boky fianarana tenin'Andriamanitra sy ny tantara marina nalaina tao anaty baiboly. Manana andraikitra goavana amin'ny fanapariahana izany manerana ny nosy ny TPFLM, na ny Tranom-pirinty Loterana Malagasy. Mandray anjara mavitrika amin'ny fampivoarana ny vaky boky sy ny tontolony ihany koa izy ireo. Ankoatra ny famokarana Baiboly sy ny Tantara masina dia mamokatra karazamboky maro toy ny boky mitahiry ny fomba amampanao maneran-tany, ny kolontsaina malagasy, ny boky fianarana sy fikarohana, ny angano sy ny tantara nosoratan'ny Malagasy sy vahiny ny TPFLM. Mikasika io famokarana Baiboly io dia manana karazany maro ny TPFLM ary tsy mitsahatra mamokatra izany izy ireo. Raha araka ny fanazavan'ny Sekretera Jeneralin'ny TPFLM anefa dia misy manao piraty ireny Baiboly ireny. Indraindray anefa misy diso ny any anatiny any raha tsy mahay mijery ny mpanjifa. Tsy afaka manao fitarainana satria hosoka no nojfaina. Mitarika ny sain'ny rehetra mba tsy hanjifa azy ireny fa hanatona ny toerana fivarotam-boky ara-dalàna izy. Manana toerana fivarotamboky efatra eto Antananarivo ny TPFLM dia ny etsy Antaninarenina sy Analakely fa manana toerana fivarotam-boky 10 izy ireo manerana ny nosy. Tiana ny mampahatsiahy fa ny Pastora Lahivelo Jean Donné, tompon'andraikita voalohany ao amin'ny TPFLM, no Filohan'ny AEDIM na ny fikambanan'ny mpanonta boky eto Madagasikara. Miezaka hatrany manatsara ny vokatra vokariny izy ireo ary mandray anjara amin'ny hetsika rehetra momba ny boky ho fampandrosoana sy fampivelarana ary fampitiavana ny tanora ho tia vaky boky. Tsy latsa-danja amin'ny any ivelany ihany koa ny vokatra vokarin'izy ireo ary afaka miara-miasa amin'ny mpanoratra tsara izy ireo amin'io famokarana boky io.

**Tiaray R**

Dadane & Friends - Hotel Pietra Analakely

# Tsy nampozina ny fahatongavan' i Mirado sy Bodo

Sambany no nandeha irery niaka-tsehatra i Andrianina Rakotondravony, mitondra ny anarana hoe Dadane amin'ny maha mpanakanto azy. Voalohany teo amin'ny fiainany ny seho nataony irery tetsy amin'ny Hotel Pietra Analakely ny zoma alina teo. Fotoana nahafahana nihaona tamin'ireo mpankafy sy mpanaraka an'i Dadane teto Antananarivo sy ny manodidina ity seho ity. Nandritra ny seho dia nisy hatrany ny zavatra tsy nampoizina nitranga teny an-tsefatsefany teny. Anisan'ny nanamarika izany ny fahatongavan'i Mirado sy i Bodo ary tena nampihetsi-po ny rehetra ny fampiarahampeo nataon'i Dadane tamin' izy ireo na dia tsy nisy fanomanana aza. Fa ankoatra izay dia mpisehatra amin'ny kanto toa an-dRy Manitra Rabarisoa, Tsanta Randriamihajasoa, Kaloina Randria-



Hira malagasy 10 sy hira vahiny 10 no natolotr'i Dadane.

mihajasoa, Manou Radonason, Tom no tonga nanotrona an'i Dadane And Friends. Misy amin'izy ireo no vao misondrotra saingy efa manana ny maha izy azy. Hira 20 moa no natolotr'i Dadane and Friends ny mpankafy ka hira amin'ny teny malagasy ny 10 ka noventesiny niaraka tamin-dRy Sitraka, Harty ary Titan, ka anisan'izany ry "Aza ilaozanao", "Voninavoko » , « Mahatsiaro anao » (Anyah), "Ilay hatsaranao. 10 ihany koa ny hira vahiny nokaloiny ka anisan'ny nambabo ny fon'ny mpankafy ilay hiran'i Whitney Houston hoe « Greatest Love of All" sy "Man in the Mirror " an'i Mickaël Jackson.

7 taona izay no nandaozan'i Dadane an'i Madagasikara. Tamin'ny taona 2015 izy no niala teto nandeha nanohy fianarana tany Frantsa. *« Ankoatra ny mihira dia manana ny asako aho. Ny mihira mantsy hatreto tena fialamboly sy fanampin'asa fotsiny ihany aloha ho ahy ».* Maro ny gadon-kira ankafihiziny fa ny Rnb sy Soul ary ny Gospel no tena tiany.

**Tiaray R**

**HOTSAKOTSAKOINA**

"Raha te ho tafita dia andosiro aloha ireo toky nandrandrainao ho azo. Atodiho ny masonao dia sokafy indray ny lalam-bao ho amin'ny fahombiazanao."

**Ny Vetso (13.03.14)**

("Si vous voulez réussir, il faut ouvrir de nouvelles voies et éviter les chemins empruntés par les promesses de réussite." John Rockefeller)

Fifaninanana saripika andiany faha-7

# Ho fantatra tsy ho ela izay handrombaka ny 900 000 Ariary

Nankasitra ireo nandray anjara tamin'ny fifaninana saripika andiany faha-7 i Manalintsoa Zafi, Filohan'ny Harena-Madagasikara (HM). Tsy nampoizina hoy izy fa maro ny tanora no liana sy miezaka mandalina ny atao hoe harempirenena sy ny vakoka. Mifototra amin'izay indrindra ny fifaninanana saripika nokarakarain'ny Harena Madagasikara ka tamin'ity andiny faha-7 ity dia nahatratra 40 mianadahy ny mpandray anjara ary navitrika tamin'izany ny tany amin'ny faritra. Ny volana oktobra moa no nanomboka ny fandraisana ny sanganasan'ny mpifaninana ary nifarana ny 20 novambra 2022 izany. Sarotra ny fitsarana, hoy ny mpikarakara. Samy nanana ny mampiavaka azy ny sary rehetra, saingy amin'ny maha lalao azy dia tsy maintsy misy ny mpandresy. 3 izy ireo no nahazo ny amboara, araka ny fanazavana, ka amin'ny 21 janoary izao eny amin'ny Akademiam-pirenena Malagasy eny Tsimbazaza no hanolorana ny loka izay mitentina 900 000 ariary ho an'ny voalohany, 600 000 ariary ho an'ny faha-2 ary 300 000 ariary ho an'ny faha-3. Amin'io fotoana io ihany koa no ampahafantarina ny maro izy ireo miaraka amin'ny sanganasany.

Ny Harena-Madagasikara moa dia fikambanana mijoro aradalana miasa sy mandray anjara eo amin'ny sehatry ny fitehirizana, fiarovana ary fampahalalana ny harem-pirenena malagasy na ny azo tsapain-tanana (vakoka, toerana sns) na ny tsy azo tsapain-tanana(kolontsaina sns). Marihina fa ny taon-dasa dia ny sary « Ny fanorona » izay nalain'Andrianaja Anjatiana no nahazo ny laharana voalohany.

**Tiaray Rakoto**



Kitra - CHAN 2022

# Hosedraina farany amin'i Niger ny Barea anio

*Hisy fiovana ny mpilalao hiakatra an-kianja voalohany saingy tsy betsaka izany, hoy ny mpanazatra.*

Alohan'ny hiatrehany ny CHAN 2022, hiatrika lalao ara-pirahalahiana amin'ny ekipam-pirenen'i Niger anio ny Barean'i Madagasikara, eo amin'ny taranja baolina kitra. Amin'ny 2 ora any Tonizia(amin'ny 4ora eto) no hanombohan'izany fihaonana izany, izay raha ny nambaran'ny mpanazatra, Romuald Félix Rakotondrabe, dia ao anatin'ny hery sy tanjaka tsara avokoa ireo mpilalao. Nohamafisiny fa afaka milalao daholo ry Dody, Ando Racap, Stephano, izay nasaina naka aina tamin'ny zoma teo. Ankoatra izay, « hiezaka hanatsara ny famoahambaolina sy ny famaranana ny fanafihana izahay », hoy ity mpanazatra ity, izay nanamafy fa tsy hamaivanina ihany koa ny aty amin'ny fiarovantena, ary ezahana apetraka ilay fahaiza-miaraka ary indrindra ilay tolotra ho an'ny namana, izay tena mila hamafisina amin'ity lalao ity. Eo amin'ny mpilalao hajoro indray, dia hisy fiovana kely ny hiakatra ankianja voalohany saingy tsy betsaka izany, hoy hatrany i Roro. Rahampitso talata 10 janoary moa no hiala ao Tonizia ny delegasiona malagasy, hamonjy an'i Alzeria, hiatrika ny dingana famaranana amin'ny CHAN, izay hanomboka amin'ny zoma 13 janoary, saingy amin'ny alahay 15 janoary kosa vao hiaka-tsehatra ny Barea, hifandona avy hatrany amin'ny ekipam-pirenen'i Ghana. Tsiahivina fa tamin' ny zoma lasa teo dia efa niatrika lalao ara-pirahalaiana iray ity ekipam-pirenena malagasy ity, ka resin'i Congo Brazzaville, tamin'ny isa 1 no ho 0.



**Hiezaka hanarina ny faharesena azony tamin'i Congo Brazzaville anio ny Barea.**

Rabenaivo

Kanetibe - Federasiona Iraisam-pirenena

# Hiakatra CODIS i Amir filohan'ny FSBM



**Miandry ny fanazavana hoentin'i Amir manoloana ny CODIS ny FIPJP.**

Hampiakaran'ny Federasiona Iraisam-pirenena CODIS ny filohan'ny FSBM(Fédération Sport Boules Malagasy), Amiroudine Andrialemirovason, eo amin'ny taranja Tsipy kanetibe. Voarakitra anatin'ny taratasy nalefan'ny FIPJP(Fédération Internationale de Pétanque et Jeu Provençal) nosoniavin'ny filohany, Claude Azema, tamin'ny 4 janoary lasa teo, fa noho ny hetsika nokarakarain'ny FSBM tany Nosy Be farany teo iny no antony nahatonga izao fampiantsoana azy, hamaly ireo fanontaniana hapetraky ny FIPJP. Nambaran'ity taratasy ity fa nandika ny andininy faha-62 anatin'ny « statut»-n'ny federasiona Iraisam-pirenena ny FSBM, izay milaza fa izay olona na federasiona miara-miasa amin'ireo olona na federasiona nampiatoin'ny FIPJP, dia iharan'ny sazy avokoa, ka isan'ny tafiditra amin'izany i Amir filoha, hoy ity fanambarana ity. Ankoatra izay, ireo mpilalao roa, N'Diaye sy Bauer, izay nandray anjara tamin'iny fifaninanana tany Nosy-Be iny, dia nanambara ho tsy nahafantatra ilay sazy, kanefa nitondra ny logo sy ny marika Boulenciel nandritra iny fivahinianana tany Nosy-Be iny. Mbola nampahatsiahivin'ny filohan'ny FIPJP hatrany fa ilay vola 236 tapitrisa ar an'Itompokolahy Dolys, tokony haverina saingy tsy hita nanjavonana hatramin'izao, izay tsiahivina, fa vola nahafahan'ny ekipam-pirenena malagasy niatrika ny fiadiana ny tompondaka eran-tany tany Cambodge sy ny fiadiana ny tompondakan'i Afrika, tany Lomé. Antenaina, fa hitondra fanampim-panazavana alohan'ny hiatrehana ny CODIS ny filohan'ny FSBM.

Rabenaivo

Sekolin'ny baolina kitra

# Tafatsangana ny TP de Sirama Ambilobe

Nisokatra tamin'ny alatsinainy 2 janoary lasa teo ilay sekolin' ny baolina kitra « Tout Puissant de Sirama Ambilobe». Ilay mpiandry tsatobin'ny ekipam-pirenena teo aloha, Anatole Randriamparany no mpitantana izany, ka mpilalao 25 mirahalahy no mandrafitra ity andiany ity. Latsaky ny 15 taona moa ireo mpilalao ao anatiny, ka tsiahivina, fa tsy misy saram-pidirana na ekolazy, kanefa dia sady hanao fanatanjahantena no hianatra « sport-étude », maimaimpoana ireo ankizy beazina ao. Misy trano hipetrahana izy ireto, ary iantohana ihany koa ny sakafo. Marihina fa misy mpanazatra 6 mirahalahy no miara-miasa akaiky amin'i Anatole amin'izao tetikasa izao. Tanjona ny hahalasa mpila ravinahitra any aoriana any ireto boaikely beazina anatin'ny sekolin'ny baolina kitra «Tout Puissant de Sirama Ambilobe » ireto. Raha hiverenana dia ny zavatra nataon'Itompokolahy Gariste azy no averiny amin' izao, satria noho io olona io no nahatongavany amin'izao toerana izao.



**Ireo andiany voalohany mandrafitra ny " Tout Puissant de Sirama Ambilobe ".**

Rabenaivo

Kitra - Amboara U-19 lehilahy

# Nisongadina ny ekipan'i Vakinankaratra

Fandresena hatrany no azon' ny ekipa voafantina avy amin' ny ligin'i Vakinankaratra, nandritra ny dingana voalohany, tamin'ny fiadiana ny amboara ho an'ny seleksiôna rezionaly, latsaky ny 19 taona, taranja baolina kitra. Resin'izy ireo, tamin'ny isa 2 no ho 0 ny avy any Menabe, teo amin'ny andro voalohany, ho an'ny vondrona Antsirabe, ary mbola niondrika nanoloana azy, tamin'ny isa 3 no ho 2 ihany koa ny avy eto Analamanga, omaly nandritra ny andro farany amin'ny fifanintsanana. Ho an'ny vondrona Ihosy indray, nivoaka mpandresy, tamin'ny isa 5 no ho 3 ny avy any Atsimo andrefana, raha nifanandrina tamin' ny Ihorombe. Ireto farany dia nandavo an'i Matsiatra ambony, tamin'ny « tirs-au-but » 5 no ho 3, rehefa nisaraka ady sahala 2 no ho 2, nandritra ny fotoana aradalàna. Tany Manakara dia resin'ny ekipa voafantin' Atsimo Atsinanana, tamin'ny isa 3 no ho 1 ny avy any Vatovavy Fitovinany. Niezaka nanarina izany fahavoazany izany ny V7V, teo amin'ny andro faharoa, ka tsy nanaiky raha tsy resiny, tamin'ny isa 3 no ho 0 ny avy any Amoron'i Mania. Tany amin'ny vondrona Tsiroanomandidy, nomontsanin'i Bongolava, tamin'ny isa mavesatra 5 no ho 0 ry zareo avy any Betsiboka. Tany amin'ny vondrona Tolagnaro, lavon'ny ekipan'Anosy, tamin'ny isa 4 no ho 3 ny ekipan'Androy.

*Tany Manakara, resin'ny ekipa voafantin'Atsimo Atsinanana, tamin'ny isa 3 no ho 1 ny avy any Vatovavy Fitovinany.*



**Isan'ireo ekipa sangany sy mila arahana akaiky izy ireto.**

Rabenaivo


## PETITES ANNONCES Gazetiko

### MIVIDY

* Frigo, congélateur, fanaka, machine, kojakojan-dakozia… Tél : 033.11.173.27 / 032.40.056.16. (G-BA 438/20-2)

* Fanaka, frigo, congélateur, salon, bahut, armoire sns. Tél : 034.20.405.10 / 033.11.785.44. (G-BA 438/20-2)

* Mm Feno. Mividy kojakoja, fanaka, kiraro, poketra, TV, debara sns. Tél : 034.22.160.88 / 033.01.764.83. (G-BA 433/20-5)

* Debara, frigo, fanaka, TV, vy, boky, kilalao, kiraro. Rason Jean Jacques. Tél : 034.31.324.79. (G-BA 432/15-5)

* Fanaka, frigo, congélateur, chaine, télé, an-dakozia… Tél : 034.74.225.75 / 033.25.796.88. (G-BA 439/20-1)

### COURS

* Cours de coiffure accéléré tsisy écolage afaka misafidy fotoana ianarana. Tél : 034.51.209.99. (G-BA 434/20-4)

* Cours de coiffure accéléré Isotry Ampitan'ny mpivaro-kazo. Tél : 034.39.292.03. (G-BA 435/10-4)

* Fampianarana manety lehilahy " Coupe homme ". Sarany mirary. Tél : 034.39.292.03. (G-BA 435/10-4)

* Cours d'Anglais parlé et écrit à domicile ou particulier. Tél : 034.17.947.22. (G-BA 437/4-1)

### FORMATION

* Format° pâtisserie, 1 mois : 50.000Ar. Pâte de base, décorat°, biscuit. 67Ha. Tél : 034.17.246.97. (G-BA 436/5-4)

### VIDANGE

* Vidange wc perdu, fosse sept, puisard, réparat°, réhabilitat°. Tél : 034.16.145.06 / 034.47.024.33. (G-BA 416/10-8)

* Vidange wc fosse septique et perdu Makiplast, puisard avec pompage. Tél : 038.23.389.80. (G-BA 424/20-18)

* Vidange wc fosse septique et perdu, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 034.01.482.77. (G-BA 431/6-5)

* Vidange wc fosse septique et perdu, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 032.46.173.34. (G-BA 431/6-5)

* Manao ny asa momba ny vidange, wc fosse septique et perdu, puisard. Tél : 033.07.856.77. (G-BA 431/6-5)

Alasora

# Jiolahy telo nitam-basy nanafika, nofatorana izy efa-mianaka tao an-trano

*Lasan-dry zalahy tamin'izany ny vola mitentina 2 500 000 ariary, peratra volamena telo, solosaina, sns...*

Nisehoan'ny fanafihana mitam-piadiana tany amin'ny fokontany Ambohimarina, eny Alasora, ny alin'ny zoma hifoha sabotsy lasa teo tokony ho tamin'ny 12 ora sy sasany. Tokantrano iray no lasibatry ny asan-jiolahy tamin'io fotoana io. Telo lahy tsy nisy nanao saron-tava nitondra basy lava sy basy poleta ary sabatra no nanatanteraka ny asa ratsiny tany an-toerana. Nanao ny fomba rehetra nahafahany niditra amboletra tao amin' ilay trano ry zalahy. Nihanika tamboho mantsy ry zalahy nahafahany niditra tao amin'ny faritry ny tanàna ary rehefa avy namaky ny varavarana fidirana ny trano dia niditra an-keriny tao an-tranon'izy ireo. Nambanan'ireo jiolahy tamin'ny fitaovam-piadiana nentiny ireo olona efa- mianaka hitany tao amin'ilay trano ary nofatoran'izy ireo avy eo mba tsy ho afa-mihetsika. Rehefa izay dia niliba nanao izay tiany natao tao ireo mpanafika ary naka izay tiany nalaina ihany koa. Ka lasan-dry zalahy tamin'izany ny vola mitentina 2 500 000 ariary sy peratra volamena telo, solosaina fitondra an-tanana iray, tablette roa ary finday telo. Lasa nitsoaka ry zalahy rehefa azony izay nangalariny. Soa fa tsy nisy naratra na namoy aina nandritra ity asa ratsy ity. Efa nampandrenesina ny mpitandro filaminana tany an-toerana taorian'izay ka efa mandeha ny famotorana sy fikarohana ireo jiolahy mpanafika ireo.

T.H

Maroantsetra

# Lehilahy nanindrona antsy ny vadiny, niharan'ny fitsaram-bahoaka

Lehilahy iray 42 taona no niharan'ny fitsaram-bahoaka rehefa avy nanindrona antsy an'ilay ramatoa vadiny 53 taona. Tany amin'ny fokontany Ivato, kaominina Andranofotsy, any amin'ny distrikan'i Maroantsetra, no nisehoan'izany afakomaly. Nisy ny fifamaliana teo amin'izy mivady tamin'io fotoana io. Araka ny fanazavana dia noho ny hasarotampiaro no nahatonga ny fifanolanana teo amin'izy roa ireo, satria hoe henon'ilay rangahy mampirafy ity vadiny ity. Raikitra araka izany ny fifamaliana am-bava teo amin'izy ireo. Saingy niakatra hatrany ny hatezerena ka tsy nahatana ny fihetsiny intsony ilay rangahy ary dia notsindroniny tamin'ny antsy ilay ramatoa ka naratra mafy. Nijininika izay tsy izy ny rà tamin'io. Henon'ny manodidina ny zava-niseho. Anisan'ny nahafantatra izany ihany koa ny sefo fokontany tany an-toerana ka io no nampandre ny zandary tao Maroantsetra. Ireto farany avy dia nandeha nanao fizahana tany an-toerana raha vao nandre izany. Ilay vehivavy voatsindrona antsy efa nentin'ny fianakaviany notsaboina tany amin'ny hopitaly tany an-toerana taorian'izay. Fa nanoloana ity herisetra natao tamin'ilay ramatoa ity dia tezitra ny olona ka niharan'ny fitsaram-bahoaka ilay rangahy namira antsy azy ary dia naratra mafy. Folaka ny ranjony havia. Efa nentin'ny zandary namonjy hopitaly ihany koa izy.

T.H

Mandoto

# Lehilahy nanindrona antsy olona nitolo-batana

Tonga nitolo-batana tany amin'ny tobim-paritry ny zandary Ankazomiriotra afakomaly tokony ho tamin'ny 8 ora maraina ny lehilahy iray 48 taona nanindrona antsy olona. Araka ny fantatra dia notsindroniny antsy teo amin'ny kibony ny lehilahy iray 29 taona ny 17 aprily teo tany Ambatolampikely, fokontany Morarano, kaominina Ankazomiriotra, ao anatin'ny distrikan'i Mandoto. Tsy fantatra mazava izay anton'izany fa lasa nandositra tany Mangataboahangy, distrikan' Ambatofinandrahana, ilay nahavanon-doza taorian'izay. Araka ny fanazavana anefa dia natahotra ny hanavaon'ny olona fitsaram-bahoaka ny tenany ka dia izao nitolo-batana tany amin'ny zandary izao. Natao andrimaso teo amin'ny tobim-paritry ny zandary Ankazomioriotra izy. Mandeha ny fanadihadiana ary nantsoina ny fianakavian'ny maty hatao famotorana. Hatolotra ny fampanoavana ny raharaha aorian'ny famotorana eny anivon'ny mpitandro filaminana.

T.H

Tsenan'Ambohimandroso

# 2 lahy tratra nangalatra entam-barotra

Lehilahy roa, 27 taona sy 38 taona, no tratran'ny olona nangalatra entam-barotra tao amin'ny tsena iray tany Ambohimandroso, any amin'iny lalam-pirenena fahafito iny afakomaly tokony ho tamin'ny 5 ora sy sasany hariva. Efa manana ny paikadiny entiny manao izao halatra izao ry zalahy ireto ka ny iray mody manatona ilay trano fivarotana. Dia tamy avy any koa ilay iray hafa mody manontany sy mandrebireby ny mpivarotra sady manakona ilay namany ihany. Mandritra izay ity farany no manararaotra mibata izay entana tiany halaina. Tamin'io fotoana io dia entam-barotra maromaro no lasany, toy ny menaka diloilo iray boaty amin'ny 5 kilao, ranom-boankazo lehibe plastika 1,5 litatra miisa efatra, loko dimy boaty amin'ny iray kilao, ary "porte baggage" ho an'ny bisikileta iray no nalain'izy ireo. Tsy afa-nandositra intsony anefa izy ireo tamin'io andro io satria efa nandrasan'ny olona teo am-panatanterahana ny asa ratsiny. Andro tsena isaky ny sabotsy any an-toerana ka araka ny filazan'ny olona dia ny maraina tamin'io andro io no efa nanao ny asa ratsiny ry zalahy ary efa narahi-maso ka izao tratra izao. Fantatra fa mitety tsena mihitsy izy roa lahy manao izany asa ratsiny izany.

T.H

Mananara avaratra

# 2 lahy nandeha nihaza, maty voatifitra tsy nahy ilay iray

Loza no niseho tany amin'ny distrikan'i Mananara avaratra ny sabotsy maraina lasa teo. Lehilahy iray no maty voatifitry ny basy tsy nahy tamin'io fotoana io. Araka ny fanazavana azo dia roa lahy izy ireo no niaraka handeha hihaza vorona any amin'ny manodidina ny fokontany antsoina hoe Fontsimaro, any amin'ny kaominina Manambolosy, ao anatin'io distrika voalaza etsy ambony io ihany. Ny iray tamin'izy ireo no nitondra basim-borona. Nandritra ny fiarahan'izy roa lahy tany anefa dia nisy zavatra voakitika tamin'ilay basy ka nampipoaka azy ary voatifitra tsy nahy tamin'izany ilay lehilahy iray niaraka taminy io. Nitarika fahafatesana teo no ho eo teo amin'ilay lehilahy izany, satria dia teo amin'ny lohany mihitsy no niantefa ny bala. Ny sabotsy tamin'io andro io ihany tokony ho tamin'ny 5 ora hariva no nisy lehilahy iray tonga tany amin'ny borigadin'ny zandary any Mananara avaratra nampandre mikasika ny zava-niseho ka vantany vao naheno izany ireo mpitandro filaminana dia nanao fidinana ifotony tany amin'ilay toerana. Nentin'ny zandary ilay lehilahy nitifitra tsy nahy io taorian'izay ary nalefa any Maroantsetra mba hisorohana ny mety ho fahatezeran'ny olona ka mety hitarika fitsaram-bahoaka. Mitohy ny famotorana mikasika ity tranga iray ity.

T.H

Mahamasina

# Olona roa tratra nangalatra tao an-tsenan'olona



Ireo olona voasambotra.

Olona roa, lehilahy iray 24 taona sy vehivavy 20 taona, no voasambotry ny polisy miasa ao amin'ny kaomisarian'ny boriborintany fahadimy eny Mahamasina ny sabotsy lasa teo tokony ho tamin'ny 1ora tolakandro noho ny resaka halatra. Niditra tao amin'ny trano fivarotana iray izy roa ireto ka mody mividy zavatra ilay vehivavy ary ilay lehilahy kosa manara-maso ilay mpivarotra, ka rehefa variana ilay io dia manararaotra maka izay zavatra mipetraka eo amin'ny latabatra fivarotana izy. Nisy olona nahatsikaritra teo am-panaovana izany asa ratsy izany izy ireo ka nampilaza tamin'ny polisy miasa tsy lavitra an'io toeram-pivarotana io. Vantany vao naheno izany ny polisy dia nandeha tany an-toerana nisambotra ireto olona roa nangalatra ireto. Nisy ny fisavana natao azy roa nandritra izany ka tratra tany am-paosin'ilay lehilahy ny finday sy ny vola 40 000Ar nangalariny. Taorian'ny fisamborana dia nentina tany amin'ny biraon'ny polisy izy ireo.

T.H

## Manal azy de mimeme



## Sarisary zary tenany

*Valopy*




## Hatsikana an-tsary

*Indray, Indroa*




## Masoandro Miposaka

**Salamo 104 : 24**


**Endrey ny hamaroan'ny asanao, Jehovah ô! Fahendrena no nanaovanao azy rehetra; Henika ny zavatra nataonao ny tany.**

## Indray mipika





Nanatontosa ny pejy

Nil : Tel: 033 07 465 05




*Tantara sy sary:* Nil

## Ohabolana



**Aza mihambom-po banga nify, ka tsy mitondra miso mandeha.**

S'il vous manque des dents, que l'amour propre ne vous empêche pas d'emporter un couteau en voyage.

## Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana 2845

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | | | 1 | | | | 4 | |
| 9 | | 5 | | | | 7 | | |
| 3 | | | | 4 | | | 5 | |
| | 8 | | 4 | | | | | 3 |
| 2 | | | | | 8 | | | |
| | | | | | | | 9 | 5 |
| | | | 2 | | | | | 6 |
| | 1 | | | 9 | | | | |
| | 9 | | 6 | 7 | | 3 | | |

Valin'ny laharana 2845

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 7 | 1 | 2 | 3 | 9 | 6 | 5 | 8 | 4 |
| 6 | 5 | 4 | 7 | 8 | 2 | 3 | 1 | 9 |
| 9 | 3 | 8 | 1 | 5 | 4 | 2 | 7 | 6 |
| 2 | 8 | 3 | 9 | 7 | 5 | 4 | 6 | 1 |
| 4 | 7 | 5 | 6 | 2 | 1 | 9 | 3 | 8 |
| 1 | 9 | 6 | 8 | 4 | 3 | 7 | 2 | 5 |
| 3 | 4 | 7 | 5 | 6 | 8 | 1 | 9 | 2 |
| 5 | 6 | 1 | 2 | 3 | 9 | 8 | 4 | 7 |
| 8 | 2 | 9 | 4 | 1 | 7 | 6 | 5 | 3 |

Marc Ravalomanana

# Afaka nanao hetsika tsy nisy sakantsakana tany Antsiranana

*Marika izany fa mandala ny demokrasia sy miezaka mametraka fitoniana ny mpitondra.*

Miomana fatratra amin'ny fiatrehana ny fifidianana ny antoko Tiako I Madagasikara tarihan'ny filohany Marc Ravalomanana. Natombony tany Antsiranana ny sabotsy teo ny fitetezam-paritra sy ny fihaonany mivantana amin'ny mpanara-dia azy. Tsikaritra tamin'izany fa miha matanjaka ny antoko tarihiny, raha tsy hilaza afa-tsy ny hita tany amin'iny faritra avaratry ny nosy iny. Na dia tampotampoka aza ny fidinany tany an-toerana dia maherin'ny arivo ny olona tonga nanatrika ny hetsika. Navela nanao hetsika ankalalahana rahateo izy ireo raha toa ka nosakanana tamin'ny 6 aogositra tamin'ny taon-dasa. Nandritra ny fandraisam-pitenenany, nitaona ny vahoakan' Antsiranana ho vonona hiatrika fifidianana Ing. Marc Ravalomanana ary nampanantena azy ireo fa tsy handefitra amin'izay mety ho endrika hala-bato sy fanodinkodinana ny safidimbahoaka amin'izay fifidianana ho avy eo. "*Hanangana firenena vanona isika ka tsy maintsy miroso amin ny fifidianana ary manana andraikitra amin izany ny rehetra. Izany asa izany dia tsy maintsy manomboka izao fa tsy afaka miandry intsony. Ny fanaraha-maso ny fanavaozana ny lisi-pifidianana, ny fanentanana ireo mpikambana sy mpanohana eny amin ny fokontany mba ho mailo ary hanaraka tsara ireo misoratra anarana, ny fanentanana ihany koa ireo mpanohana hifidy indrindra ireo izay misalasala, fa tsy safidinAndriamanitra izao toerana misy an'i Madagasikara izao*", hoy ity Filoha mpitarika ny antoko TIM ity tamin'izany.

**Gidragidra**

Manaraka izany, noporofoin' Ing. Marc Ravalomanana indray fa tsy manana eritreritra hankahala sy hanavakavaka ny mponin'Antsiranana ny tenany. Nampanantena ity mpitarika ny TIM ity nandritra izany fa hamerina ny tanjaky ny faritra avaratry ny Nosy indray. "*Tena hita fa sahirana ny vahoaka aty amin'ny faritra DIANA. Simba tanteraka ny làlana ary hitoka-monina raha izao no mitohy. Mila manana fanantenana anefa isika ary tsy mahazo kivy. Vonona aho ny hanarina indray ity faritra ity ary mila ny firaisankinantsika rehetra mba ho tombontsoan'ny firenena*", hoy ity filoham-pirenena teo aloha ity tamin'izany. Nofohaziny ihany koa fa, vita nandritra ny fitondrana Ravalomanana ny lalampirenena fahenina mampitohy an Ambondromamy sy Diego. Farany, niparitaka tao anaty tambajotran-tserasera nanomboka ny sabotsy teo ny momba ny hoe niafara tamin'ny gidragidra sy ady an-kanina ny hetsika nokarakarain'Ing. Ravalomanana tany Antsiranana farany teo. Raha ny loharanom-baovao avy any an-toerana dia sahirana sy noana noho ny tsy fisian'ny asa ny tanora any Antsiranana amin'izao fotoana izao hany ka natahotra ny tsy hahazo ny anjara mofomaminy dia nifandrombaka naka izany.

**Mamy R.**

## Marina izany !

### Mbola ho mafimafy !

**Herinandro izay no lasa, fotoana nifampirarian'ny velona ny soa sy ny tsara hanavatsavana ity taona vao miandoha ity. Faniriana ihany anefa izany! Ho an'i Madagasikara manokana, raha ny iaraha-miaina aloha hatreto dia ahiana mbola ho mafimafy kokoa noho ny tamin'ny taon-dasa ny hiatrehana ny taona 2023. Antony, tsy mitsahatra ny misondro-bidy ny fototsakafon-dRamalagasy sy ny kojakoja ilaina andavanandro. Ny vary ohatra dia miakatra efa ho roa avo heny amin'ny vidiny tany aloha ny iray kapoaka. Toy izany ihany koa ny arina fandrehitra na dia mbola tsy miditra tanteraka ao anatin'ny fotoanan'ny rivo-doza, hampanano sarotra ny fitaterana azy ireny aza isika. Re ombieny ombieny eny amin'ny fiaraha-monina eny sy hamafisin'ny fampahalalam-baovao samihafa fa efa vitsy ny tokantrano malagasy no tsy misakafo araka ny tokony ho izy sy intelo isan'andro. Milaza miara-mahita ny olom-pirenena mijery ny zava-misy amin'ny maso tsy miangatra fa mitombo ny mpatory an-dalana, ny mpangataka, ny mpitsimpona fako eny amin'ireny dabam-pako miavovona ireny. Manoloana izany anefa toa tsy ampahafantarina mazava ny vahaolana maharitra aroson'ny tompon'andraikitra, toy ny fanavaozana ny tohodrano hanondraka ny tanimbary voavoly sy ny paikady hiarovana ny hahatondrahan'izy ireny, amin'ny fotoana andalovan'ny rivodoza. Tsy mbola nampahafantarina ihany koa ny pôlitika kendrena hanohanana ny tantsaha, amin'ny alalan'ny fanamorana ny vidin'ny masomboly sy ny zezika, ahatongavana amin'ny tanjona fahavitan-tena ara-tsakafo ventesina ombieny ombieny. Tsy hita soritra ihany koa ny paikady mahomby hiatrehana ny tsy fandriam-pahalemana, sakana ho an'ny fiveloman' ny tsirairay !**

Voahangy Rakotozafy

Pasitera Mailhol

# Manahy ny tsy hisian'ny fifidianana Filoha amin'ity taona ity

Manomboka miseho lany ankehitrny ny fanehoankevitra mahakasika ny fifidianana filoham-pirenena ataon'ireo mpanao politika amin'izao fiandohan'ny taona izao. Isan'ny nanao izany ny Filohan'ny Fiangonana Apokalipsy eto Madagasikara, ny pasitera Mailhol. Nilaza izy fa mbola tsy namoaka daty mazava mikasika ny fifidianana izay ho filoham-pirenena hotanterahina eto amintsika ny Fitondram-panjakana hatramin'izao noho ny tsy fisian'ny vola. Manahy araka izany ny tenany ny amin'ny mety tsy hisian'io fifidianana io. « *Mety hiafara mankany amin'ny tetezamita indray io raha sanatria tsy misy ny fifidianana. Tsy ampy hanaovana izany intsony ny vola eo am-pelatanana, araka ny lalàna mifehy ny tetibola nolanian'ireo depiote farany teo. Tena tsy mahasoa ny firenena anefa ny fitondrana tetezamita* », hoy izy raha nanontanian'ny mpanao gazety nanandritra ny hetsika famaranana ny fankalazana ny faha-25 taonan'ny Radio Fanambarana teny Antsonjombe ny sabotsy teo. Nohamafisiny fa amin'ny volana febroary na marsa izao no tokony hanome daty mazava mikasika ny fanatontosana ny fifidianana izay ho filoha ny mpitondra. Na izany aza, notsindriany fa mbola ho mafy ny raharaha politika eto amintsika amin' ity taona vaovao ity. Tsy ho an'i Madagasikara irery izany fa manerana an'i Afrika mihitsy.

**JUDD**

Raharaha basy sy bala miparitaka

# Nosamborina ihany koa ilay nanome ny vaovao an'i Malama

Mbola mitana ny sain'ny maro ilay raharaha mahakasika olona mpivarotra basy sy bala, nahavoatonontonona ny anaran'ny teratany vahiny ary niampangana an'i Mahery Lanto Manandafy ho namoaka vaovao tsy marina, teny amin'ny tambajotra sôsialy, volana vitsivitsy lasa izay. Raha tsiahivina dia notanana am-ponja teny Antanimora i Malama, tamin'ny fiandohan'ny volana ôktôbra, tamin'ny taon-dasa rehefa avy nandalo famotorana sy fitsarana, ary ny 31 desambra lasa teo vao tafavoaka. Tsy nijanona teo anefa io raharaha io satria araka ny loharanom-baovao marim-pototra dia nosamborina, tamin'ny alarobia lasa teo ny raim-pianakaviana voalaza fa nanome io vaovao io an'i Malama ka nahatonga itsy farany namoaka izany teny amin'ny « facebook ». Araka ny loharanom-baovao etsy ambony ihany dia mpitandro filaminana no nametraka fitarainana teny amin' ny fampanoavana (plainte au Parquet), nitory ilay nanome vaovao ka nahatonga itsy farany nohenoina tao amin'ny sampana « Cybercriminalité » eo anivon'ny polisim-pirenena.

**Tantara efa ela!**

Taorian'ny fanadihadiana natao no nahafantarana fa tantara efa ela io raharaha io. Voalaza mantsy fa nanambaovao mahakasika ny fisian' ny tambajotra mpivarotra basy sy bala, tokony niainga teto an-drenivohitra ary nokasaina halefa tany amin' ny faritra Atsimo ilay raimpianakaviana nosamborina io, tamin'ny fotoan'androny. Rehefa nampahafantarina ny mpitandro filaminana ny zava-nisy dia tra-tehaka ilay tompon'antoka tamin'izany ary nampidirina am-ponja. Voalaza anefa fa tsy nahari-tra ela tany am-ponja itsy farany ka nahatonga ilay mpanome vaovao tsy afa-po ka niahiahy ny mpitandro filaminana na ny fitsarana ho mpiray tsikombakomba na nanao kolikoly.

**V.R.**

Ambohitrimanjaka

# Hatsaraina ny zava-bita, hoy ny ben'ny tanàna



Ny ben'ny tanànan' Ambohitrimanjaka.

Fanatsarana sy fanohizana ny asa efa natao ! Izay no vaindohan-draharahan'ny kaominina Ambohitrimanjaka amin'ity taona 2023 ity. Nisongadina izany nandritra ny jery todika sy ny vinan'ny taona vaovao nataon'ny ben'ny tanàna, Randriamanalintsoa Ihajason ny faran'ny herinandro teo. Notanisainy tamin'izany ireo fanamboarana fotodrafitrasa maro toy ny làlana, mampitohy ny isam-pokontany, ny fanamboarana sy fanavaozana ny EPP sy ny CEG, ny fanamboarana barazy, kianja filalaovambaolina sns. Teo ihany koa ny tohana ara-tsosialy toy ny fanaovana kôpia faobe, ny fisoratam-panambadiana faobe, sns. Araka izany dia hotohizana sy hatsaraina ireo zava-bita ireo. Isan'ny vina goavana apetraky ny ben'ny tanàna amin'ity taona ity ny fanamboarana CSB I ho an'ny fokontany 6 eny atsimon'Ambohitrimanjaka : Aprika, Ambatolampy atsimo, Namorana, Ambohimanantsoa, Andrangitana, izay samy lavitra CSB II amin'izao. Ankoatra izay, laharam-pahamehan'ny kaominina ihany koa ny fikarakarana ireo barazy roa eny Antsapanana sy eny Ikotrana izay miantoka ny velontenan'ireo mpamboly sy mpiompy mandrafitra ny 80 isanjaton'ny vahoakan'Ambohitrimanjaka.

**Niry R.**


## TOLOTRA MANOKANA Gazetiko

Noho ny fahatraran'ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo "Petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces".

*"Izay tonga aloha tompon-tanindrazana."*

*Fenoy amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.*

Anarana : Fanampiny :

Adiresy : Nomerao C.I.N : Tél. :

Orinasa afaka haba

# Nahazo famatsiam-bola 1 tapitrisa Euro hametrahana ny asa manaraka ny fenitra

*Ny Vondrona Eoropeanina dia hamoaka lalànan'ny asa hampiharina eo amin'ny sehatry ny asa.*

Tafiditra amin'ny fanatanterahana ny tetikasa ''Better Work'', na ny asa manaraka ny fenitra iraisam-pirenena, ny nahazoan'ny faritra Analamanga sy Vakinankaratra vola 1 tapitrisa Euros. *''Iarahan'ny OIT manatanteraka amin'ny Vondrona Eoropeana ity tetikasa haharitra 22 volana ity. Tanjona amin'izany ny hanatsarana ny tontolon'ny asa eo amin'ny sehatry ny famokaran-damba amin'ireny orinasa afaka haba ireny. Ny eo anivon'ny Vondrona Eoropeanina dia hamoaka lalànan'ny asa hampiharina eo amin'ny sehatry ny asa, ka ny orinasa rehetra miara-miasa amin'izy ireo dia tsy maintsy manaja sy manaraka tsara, sy miaro ny zon'ny mpiasa amin'ny fandalàna ny fenitra iraisam-pirenena''*, hoy Rtoa Zafera Ariel, mpandrindra nasionalin'ny tetikasa ''Better Work'' eo anivon'ny OIT ETO Madagasikara. Nohamafisin'ity tomponandraikitry ity fa raha misy lesoka ny fampiharan'ny orinasa an'io fenitra iraisampirenena io dia tsy hampidirina ao anatin'ny tsena iraisam-pirenena ilay entana aondrana ary izany dia iarahana miasa amin'ny fanjakana. Efa manomboka izany fanentanana izany izao ny eo anivon'ny mpiasam-panjakana ny Minisiteran'ny indostria na koa ny orinasa afaka haba ho fanajana an'io fenitra iraisam-pirenena amin'ny asa io.

**Voalohany**

Tsara ho fantatra fa voalohany amin'ny fanondranana lamba avy amin'ny orinasa afaka haba eo amin'ny tsenan' ny Vondrona Eoropeanina i Madagasikara amin'izao fotoana izao. Faharoa kosa eo amin'ny tsenan'ny AGOA. Noho izany dia tsy maintsy manaraka ny fepetra rehetra amin'ny fifanakalozana arabarotra isika Malagasy raha te hitazona an'ireo toerana ireo. *''Raha vao hatsarain' ny mpampiasa ny tontolon'ny asa dia mazoto miasa ny mpiasa ary te hijanona hatrany ao amin'ilay orinasa. Ny orinasa iray dia mampidibola ho an'ny mpiasa iray, ka raha 100 ny mpiasa dia manao fampiasam-bola 100 ihany koa izay ny orinasa. Raha ratsy ny fepetra araka asa iainan'ny mpiasa dia afaka mifindra izy ireo. Noho izany, manamafy ny fahatokisan'ny mpiasa amin'ny orinasa iasany ny fisian'ny fanajan'ireo mpampiasa ny fenitra iraisam-pirenena''*, hoy hatrany Rtoa Zafera Ariel, mpandrindra nasionalin' ny tetikasa ''Better Work'' eo anivon'ny OIT. Efa mandeha ny fanentanana sy fampahafantarana ireo orinasa afaka haba an'ity tetikasa ity amin' izao.

**Heriniaina A.**

Covid-19

# Faritra roa sisa no ahitana azy

Ny eto amin'ny faritra Analamanga sy Atsinanana sisa no ahitana Covid-19 raha ny antontanisa nivoaka teo anelanelan'ny 31 desambra 2022 hatramin'ny 6 janoary 2023 lasa teo, araka ny navoakan'ny Minisiteran'ny fahasalamambahoaka. Tamin'ireo fitiliana 393 natao nandritra izany fotoana izany, 10 sisa no miabo. Ny 9 tamin'ireo tranga vaovao hita ireo di teto amin'ny faritra Analamanga raha iray no tany Atsinanana. Tsy nisy ny aina nafoy fa misy 4 kosa ireo tranga mila arahimaso akaiky misy fahasarotana. Tsy midika akory izany fa foana ity valanaretina nandripaka olona 1 418 teto amintsika ity fa mbola mitoetra eto ilay aretina. Raha ny zavamisy mantsy, misy sokajin'olona vitsy mbola manaraka ny fenitra ka manao arovava hatrany, indrindra rehefa miditra toerana mihiboka na be olona. Iaraha-mahita ihany koa fa misy ny karazana covid-19 vaovao any Sina izay mandripaka sy mamono olona maro. Tsy maharaka ihany koa ny fanafody sy ny hopitaly any Sina eo anatrehan'izany. Betsaka ireo firenena, indrindra fa ny any Eoropa, no mailo ka mamerina indray ny fepetra eo ampidirana indrindra fa amin'ireo zotram-piaramanidina avy any Azia.

**Nath**

Faritra Atsimo Andrefana

# Tratran'ny fifindra-monina an-tanan-dehibe i Toliara

Tratran'ny fifindra-monina an-tanan-dehibe ny ao Toliara I. Mitombo ny fiavian'ny mpifindra-monina avy any amin'ny tapany atsimon'ny faritra Atsimo Andrefana ary vao mainka vesatry ny fiarahamonina ny fisian'ireo olona tsy manana velontena. *''Mety ho sorena ianareo mahita an'ireny cyclo-pousse ireny. Io ilay vokatry ny fifindra-monina an-tanan-dehibe ka tsy niomana ny tanànan'i Toliara. Io cyclo-pousse io dia endrika iray maneho fa sahirana ny tanànan'i Toliara mandray ireny olona mpifindra monina an-tanandehibe ireny. Marobe ny antony tsy mampisy asa ao an-drenivohitr'i Toliara satria tsy misy orinasa afaka haba ao. Ny vidin-jiron'ny Jirama ambony raha ampitahana ny amin'ny any Antananarivo. Raha mbola io vidin-jiro ambony tsy mitovy manerana an'i Madagasikara io dia mbola ho sarotra ny hisian'ny orinasa eto Toliara. Aty aminay anefa manana ranomasina, misy seranantsambo, akaikin'i Durban''*, hoy ny Solombavambahoaka Rabehaja Jean, vofidy tao Toliara tamin'ny mpanao gazety. Ankoatra an'izany, mikasika ny orinasa Base Toliara, dia nilaza ity Solombavambahoaka ity fa *''i Base Toliara dia tsy natao hampisara-bazana ao Toliara fa ny searsera no tsy ampy ho an'ny andaniny sy ny ankilany. Izaho dia mipetraka ho raiamandreny ka hizara ny hevitro hoe : ry Base Toliara, aiza ilay cahier de charge? Ho anao izay tsy manaiky an'io orinasa io dia inona no vahaolana hoentinao? Tsy misy afa-tsy ny fifampiresahana ihany, fa ny Base Toliara dia tsy anato hampizarazara ny vahoakan'i Toliara fa tokony hampiray antsika rehetra raha misy ny marimaritra iraisana''*, hoy hatrany ity Solombavambahoaka ity.

**Heriniaina A.**

Ambasady Amerikanina

# Manolotra fiofanana maimaimpoana maro amin'ny teny anglisy

Entin'ny ambasady amerikanina manomboka amin'ity taona 2023 ity dia manolotra fiofanana maro maimaimpoana amin'ny teny anglisy izy ireo. Ampitain-davitra ,na ''en ligne'', ny fampianarana rehetra omeny ka azonao arahina araka izay fandaharam-potoana mety aminao. Io ilay antsoina hoe ''Massive Open Online Course'', na MOOC. Misy dimy ireo MOOC misokatra ho an'ny rehetra amin'izao dia ny ''English for Business and Entrepreneurship, English for Science, Technology, and Mathematics (STEM), English for Journalism, English for Career Development'' ary ny ''English for Media Literacy''. Ny olona tsirairay no entanina samy hahay handamina ny fadaharam-potoanany amin'ny fizohiana ireo fiofanana ireo ary azo arahina avokoa izy rehetra ireo, na izay iray hitanao fa ho voafehy. Ilana 10 hatramin'ny 15 ora tsirairay avy moa ny hamitana ny fampianarana amin'ny lohahevitra iray hatramin'ny farany. Misy moa ny rohy ahafahan'ny olona rehetra manao fisoratana anarana sy hahazoana fanampim-panazavana.

**Heriniaina A.**

Ambanja

# Simban'ny fitrandrahana harena an-kibon'ny tany ny vokatra lavanila

Nanomboka tamin'ny taona 2008 no nanomboka ny fikarohana ny ''terre rare'' tany Antsirabe, any Ambanja, ka niroso tamin'ny fitrandrahana ny orinasa Renova. Nisy fiantraikany tamin'ny vokatra lavanila anefa ny toerana anaovana ny andrana amin'ny fitrandrahana harena an-kibon'ny tany. Io toerana io tany aloha dia fambolena tsotra, fa taty aoriana vao nanaovana voly lavanila, ary io manjary anaovan'ny orinasa Renovà fitrandrahana io. Ny lavanila anefa mitaky tontolo bio na voajanahary ka tsy mifanaraka amin'ny singa simika. Araka ny fanazavana azonay dia misy teknika maromaro ampiasan'io orinasa io ampiasany singa simika, nefa tsy mifanaraka amin'ny fambolena izany. Manaitra ny fitondram-panjakana mba handinika ny lalàna mikasika an'izany izy ireo, fa marobe ny mpamboly lavanila no mitaraina amin'ny fahasimban'ny vokatra, hoy Atoa Moralahy Raphaël Pascal, ben'ny tanànan'ny kaominina ambanivohitra Antsirabe, any Ambanja. Raha ny fantatra dia mananika ny 80t ny vokatra lavanila miditra isantaona ao amin'io kaominina Antsirabe io. Etsy nakilany dia nomarihin'ity ben'ny tanàna ity fa tsy misakana ny fitrandrahana harena ankibon'ny tany atao izy saingy mba tokony hojerena kosa ny fambolena lavanila izay iankinan'ny fiainan'ny vahoaka maro. Misy koa ny vola ho an'ny fampandehanan-draharaha ho an'ny kaominina sy ny taratasy arapanjakana izay tsy mbola voarain'ny kaominina tamin' ity orinasa ity ny taona 2021, hoy hatrany ny ben'ny tanàna. Milaza ny Renovà fa hoe efa nandoa izany, kanefa tsy mbola nisitraka an'izay ny kaominina.

**Heriniaina A.**

**Gazetiko**
novokarina sy natontan'i
MIDI MADAGASIKARA S.A.
Sosaiety tsy anavahana anarana
manana renivola
Ar 37 452 000
Talen'ny Fanoratana :
Lucien RAHARISON
034 34 697 06
Talen'ny Famoahana sady
Tonian'ny Fanoratana :
Herivonjy RAJAONAH
034 34 697 10
Birao sy fandraharahana :
Lalana Ravoninahitriniarivo
B.P. 1414 - Antananarivo
Tél.: 22 697 79 / 22 697 80
Fax. 22 273 51
e-mail:midigazetikom@gmail.com
D.L.I.: 15 874 - 01 - 23
Isan'ny natonta : 25 000

Nahandro

## Ovy sy poivron ary atody

Zavatra ilaina : ovy, poivron, atody, saosy voatabia, dipoavatra, menaka.

Fikarakarana azy: Voasana ny ovy dia tetehina zaraina efatra na tetehina somary vaventiventy. Atao ny saosy voatabia sy tongolo dia arotsaka ny ovy. Asiana rano kely mahamasaka azy sy sira. Rehefa hita fa masaka ny ovy ary tsy potika dia arotsaka ny poavrao sy dipoavatra. Haroharoina kely. Arotsaka ihany koa ary eo ny atody voakapoka dia afangaro tsara ho masaka. Kendrena tsy ho potika be. Esorina rehefa masaka. Azo aroso avy hatrany miaraka amin'ny lasary voatabia na kôkômbra.

Ankazoabo

# Mangataka ny hanomezan' ny fanjakana masomboly ny mponina

Manoloana ny tsy firotsahan'ny orana matetika sy fahasahiranan'ny olona any Ankazoabo, any amin'ny faritra Atsimo Andrefana izay miteraka tsy fanjariantsakafo dia manao antso amin'ny fanjakana ny fikambanan'ny ben'ny tanàna any an-toerana hamonjena ny fiainan'ny mponina. *''Iangaviana ny fitondram-panjakana amin'izao mba hiresaka an'ity tsifanjariantsakafo ity, satria lasa olana goavana izany. Tokony hanao fanadihadiana ny fanjakana mikasika ny resaka sakafo satria noana ny olona. Tsy avy ny orana ka farafaharatsiny mba tokony hisy masomboly manokana halefa any ary tokony hasiana PAM ihany koa, toy ny any Ampanihy, ny any aminay satria mamely mafy ny haintany. Noana ny vahoaka''*, hoy Atoa Rivesti Aimé, filohan'ny fikambanan'ny ben'ny tanàna any Ankazoabo. Raha ny fanampimpanazavana nomen'ity ben'ny tanàna ity dia efa roa taona mahery izay no zara raha mirotsaka ny orana ka simba avokoa ny ankamaroan'ny fambolena. *''Tamin'ny taon-dasa no mba nisy masomboly voarainay tonga tany ary ny fanirianay dia mbola hisy hatrany izany mba hahafahan'ny vahoaka mamboly. Anaovanay antso avo amin'ny Minisiteran'ny fambolena mba hijery an'izay ambioka mahazaka hafanana izay fa tena ilain'ny vahoaka''*, hoy hatrany Atoa Rivestoi Aimé, filohan'ny fikambanan'ny ben'ny tanàna any Ankazoabo. Fotoana izao hoy ireo ben'ny tanàna hijerena fomba vaovao hanatsarana ny tontolo ambanivohitra any amin'ny tany tsy ampy orana.

**Heriniaina A.**

midigazetikom@gmail.com